Ny Valosoa sy Hadihady 3
**Krismasy, krizy mafy, kivy sy mihafy**

Talatamaty. Collectif Diaspora 3
**Nizara vary, mofo ho an'ny zokiolona**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Lainga raofina nataon-dRajoelina 3
**Tsy tonga akory ireo bus raitra miisa 1000 voalaza**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 27 desambra 2022 Laharana 1383 Vidiny : 600 Ar


Fetin'ny Krismasy 2

## Nitondra am-bavaka ny Malagasy rehetra ny filoha Ravalomanana



Ho henjana ny taona ho avy io 7

## Manonga manonga hatrany ny vidim-piainana



COMTIM Alasora 2

## Nizara vary 7 taonina ho an'ireo mpikatroka TIM



Erikerika Madagasikara 2

## Nanampy ny ray aman-dreny sy mpampianatra ao amin'ny EPP Ambohitravoko



Fikambanana Soa Miahy 3
**Nanolotra kilalao ho an'ireo ankizy ao Ambohimanandray**

Fety ho avy 6
**Fihenam-bidy goavambe ao amin'ny Baolai**

Daka kely



Ny ankizin'Iarivo ihany zany no notoloran'ialahy kilalao ry Boaikely a !

**Fetin'ny Krismasy**

# Nitondra am-bavaka ny Malagasy rehetra ny filoha Ravalomanana

Fankalazana ny fetin' ny Noely na ny Krismasy ny alahady teo, teny amin'ny fiangonana FJKM Imerinkasinina Fanasina distrikan' Antananarivo Avaradrano, no niatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana mianakavy. Nambarany tamin'izany fa : ”Mitondra am-bavaka ny Malagasy rehetra amin' izao Noely izao. Arahabaina isika rehetra tratry ny Krismasy 2022”, hoy izy. Nandritra ny fotoam-pivavahana tany Imerinkasinina no nanambarany izany, niarahany nifaly tamin'ny mpino kristianina tany antoerana, indrindra niaranifaly tamin'ireo ankizy, amin'ny maha fetin'ny ankizy ihany koa ny andron'ny Noely toy izao. Tsy ny fetin'ny Krismasy ihany, fa mbola nirary soa ny rehetra tsy ankanavaka koa izy, ho tratran'ny faran'ny taona, sy ny taom-baovao 2023 ho avy, amin'ny fiafaran'ity herinandro ity. Ho taompahombiazana ho an'ny rehetra izany taona vaovao izany. Mbola hisy rahateo ny hafatra ho an'ny vahoaka Malagasy hataon'ny filoha Marc Ravalomanana, amin'ny fiafaran'ny taona hiandrasana ny taona vaovao hitsidika io.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, teny amin'ny fiangonana FJKM Imerinkasinina Fanasina.*

**Isambilo**

COMTIM Alasora

# Nizara vary milanja 7 taonina ho an'ireo mpikatroka TIM

Nizara fanomezana: vary milanja 7 taonina, ho an'ireo mpikatroka TIM ao amin'ny Kaominina Alasora distrikan'Antananarivo Avaradrano, miisa 3000 ny biraon'ny COMTIM Alasora, izay tarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa ny sabotsy teo, noho ny fahatongavan'ny fetin'ny Krismasy. Natao izao hetsika izao hoy ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa, fa tsy manadino azy ireo ny filoha Marc Ravalomanana, sy ny TIM Alasora. Hetsika efa fanaon' ny TIM Alasora ny mizara zavatra ho an'ny mpikatroka ao aminy toy izao, isaky ny vanim-potoanan'ny Asaramanitra. Naneho ny hafaliana, sy ny fahafahampony tamin'ny fanomezana, ireo mpikatroka TIM miisa 3000 nahazo izany.



*Ny fizarana vary ho an'ireo mpikatroka TIM, teny Alasora Avaradrano.*

**Helisoa**

Fikambanana Erikerika Madagasikara

# Nanampy ny ray aman-dreny sy mpampianatra ao amin'ny EPP Ambohitravoko

Rehefa nitondra ny tatitra tamin'ireo mpikambana ao amin'i Erikerika Madagasikara (France), Rafidison Jean Philippe (filoha) sy Ramanoarison Noro (filoha lefitra), taorian'ny fandalovany tao amin'ny EPP Ambohitravoko distrikan'i Manjakandriana ny 22 septambra 2022, dia tapaka nandritra ny fivoriana, fa hitondra fanampiana ho an'ny sekoly. Vola mitentina iray tapitrisa ariary no natolotra ny talen'ny sekoly, ramatoa Ravaoarimanana Thérèse, ny 17 novambra 2022, ho fanampiana fianakaviana miisa 31 sahirana amin'ny fandoavana ny saram-pampidirana, ary koa ho fanampiana ireo mpampianatra tsy mandray karama ara-dalàna sy miasa maimaimpoana mihitsy aza. Nisolotena ny fikambanana tamin'izany i Ratsaratany Rivonirina Mparany, izay isaorana manokana amin'ny fandavantenany. Soritana fa miisa 50 ireo fianakaviana manan-janaka mianatra ao amin'ny sekoly, 137 ny isan'ny mpianatra ary 9 ireo mpampianatra. Eto dia ankaherezina ireo mpampianatra izay tsy mikely soroka amin'ny fanabeazana ireo ankizy na dia betsaka aza ny fahasahiranana, hoy ihany ny tatitra izay nataon'ny mpitarika ny fikambanana Erikerika Madagasikara any Frantsa.



*Ny solontenan'ny Erikerika Madagasikara, nanome fanampiana tao amin'ny EPP Ambohitravoko Manjakandriana.*

**Ny Valosoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Vavaka andro Krismasy

# Tsy nanao ambanin-javatra izany ny kristiana maro

Marobe ny kristiana nivavaka ao anatin'izao andro sarotra izao. Hita sy tsapa tamin'ireo fiangonana kristiana ny alahady krismasy lasa teo, fa be ireo tsy nanao ambanin-javatra ny fotoam-pankalazana ny andro Krismasy, nefa misy ireo antokom-pinoana zandriny mitsikera ny datin'andro 25 desambra ka manohitra izany, manome tsiny io daty malaza io, toy ny ataon 'ny finoana Yahoshuah ohatra. Tsorina anefa fa ny Soratra Masina miasa sy manan-daza, manankery, dia ireo izay fampiasan'ny vahoaka mpino kristiana, nefa dia ovaovain'io finoana hafa io ny anarana masina ao anatiny, ka mahatonga ireo mpino maro hilaza fa tokony hanana ny baiboliny sy ny fihiranany mazava ohatra ny finoana Yahoshuah, fa tsy ny an'ny finoana hafa na ny Ffkm hatrany no ovaovaina.

Tsy tokony hisy ny toriteny fanaratsiana, ny esoeso teny fa mba haneho fifanajana araka ny lalàna mifehy ny antokom-pinoana, rehefa hitory teny sy maka andian-dahatsoratra ao anatiny. Tsorina fa feno hipoka ny tempoly sy eglizy samihafa ny alahady teo, ary ny tolakandro dia mbola marobe ireo kristiana nanatrika antsa an-kira, nifamone tanana sy nifanampy tamin'ny fotoam-pankalazana ny Krismasy 2022, daty sarotra adinoina ho an 'ny mpino tsy ankanavaka. Hipoka ny fiangonana, tsentsina ny arabe manodidina toy ny teny amin'ny Cinema REX, sy RITZ teo aloha, Ny Ekar samihafa, ny Fjkm Ilanivato, Analamahitsy, Isotry Fitiavana sy ny sisa tsy voatanisa. Araka ny vaovao voaray, hipoka toy izany koa ny fiangonana rehetra tany amin'ny faritra samihafa eto amin'ny Nosy. Dia mirary soa ny rehetra ho tratra ny taom-baovao indray ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao.

**Beharo**

*TONONKALO*

## Ny Fitsarana Avo

Very hasina tanteraka ilay hoe fitsarana avo,
Fa dia toa mitazam-potsiny ny hadalan-dry "loham-boatavo".
Tena voky saosy angamba ka dia hita ho miandany.
Ny hadalan`ireo mpitondra no arahiny hatrany !

Lalana hita fa tsy mety sy efa ambara ho mivaona,
No nizoran`ny mpitondra tao anatin`ny efa-taona.
Saingy tsisy fanitsiana, tsisy na dia fitenenana,
Fa mangina iretsy "avo" , toy ny vato itaingenana !

Very hasina tanteraka ilay hoe fitsarana avo,
Ka ny ampitso sy ny hoavy, zary toa manjavozavo.
Tsinjo dieny aty aloha ny ady sy fikorontanana,
Raha toa ka hisy ihany izany atao hoe fifidianana !

...Fa very hasina tanteraka iretsy olo-nofantenana
Mba hampihàtra ny lalàna izay natao ho fanorenana.
Saosy omen`ny mpitondra, izany ve no tena andrianiny,
Sa ireo vahoaka tsotra mihamahantra eto amin`ny taniny ?

*DADAN`i RIANA (22-12-2022)*

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Rondro A.**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Krismasy, krizy mafy, kivy sy mihafy

Mpaka fako teny amin'ny Boriboritany faha-5 vitsivitsy ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), no nilaza fa tsy hita izay fahasambarana tamin'ny Krismasy 2022. Miha-sahirana ny vahoaka. KRISMASY SA KRIZY MAFY SA KIVY SY MIHAFY? Hita sy tsapa tao anatin'ny herinandro fanomanana ny fankalazana ny andro nahaterahan' i Jesoa Kristy, fa samy manana ny fomba fijeriny sy ny toerany ary ny fomba ho entina mankalaza izany ny fianakaviana tsirairay raha ny tatitra azo. Ny krismasy izay tsy maty am-pon'ny rehetra dia ilay andro Noely, sarotra kosehina an-tantara sy ny kalandrie eran-tany, satria efa voaporofo ao amin'ny baiboly sy voarakitra an-kira finoana samihafa izany andro malaza izany. Ho an' ny hafa izay sahirana ara-pivelomana dia KRIZY MAFY indray, satria tsy manana ny ampy ho entina mankalaza izany, tsy afaka mifaly sy ravo toy ireo mpanambola, sy ireo vao nasondrotra laharam-boninahitra amin'ny asa aman'andraikitra izay sahanina, fa dia KERE eny hatrany. Ny 4'mi moa, na ireo mpatory an-dàlambe sy eny akaikin'ny daba fanariam-pako dia nanambara mazava, fa tsy misy mampiavaka io daty 25 desambra io amin'ny andro hafa; fa dia ny omaly tsy miova hatrany, ka na te-hivavaka am-piangonana aza dia voatery mitady ny sitrany ahay foana, mba hitsinjovana ireo kilonga kely. Misy koa anefa ireo KIVY sy MIHAFY na ireo izay tsy nahazo ny anjara karama sahaza azy, ka voatery nigrevy mihitsy aza, voasakana amin'izay tian-katao, ka lasa manao fankalazana anjambany, zara raha mahatsiahy ity andro fety ity, tsy mahita izay mety sy sahaza satria atsy ho atsy indray dia hiatrika ilay taom-baovao na ny taona 2023, izay efa malaza ratsy amin'ny fisondrotana, ny sehatra politika ary indrindra ny tandrevaka nisy efa-taona izao nataon'ny ftiondrana Rajoelina. Tsorina araka izany fa marobe ireo tsy nahazo fahafaham-po tamin'ny fotoam-pankalazana ny Krismasy, tsy an'asa ny ankamaroan'ny olona, ka tena "KIRINA, MIGAFY": lasa mifoka sy migoka eny rehetra eny, ary lasa mpandroba sy mpanolana amin'ny tsy rariny ny sasany. Fehiny, mikorosy fahana ny fiainantsika Malagasy.

***Beharo***

TALATAMATY. COLLECTIF DIASPORA

# Nizara vary, mofo ho an'ny zokiolona

Nanohy ny fizarana fanampiana hoan' ireo zokiolona ny solontenan'ny Collectif Diaspora eto amintsika ny faran'ny herinandro teo, teny Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo faritra Analamanga. Ny Fokontany Faralaza sy Ambohitravao ao amin'ny kaominina Talatamaty indray, no nanohizan'ny Collectif Diaspora, izay resy lahatra tamin'ny zava-bitan'ny filoha Marc Ravalomanana, na nohizan'izy ireo ny fanomezana vary, mofo, biscuit, ho an'ireo zokiolona teny an-toerana. Ny fiandohan'ny herinandro teo, efa nanome fanampiana ho an'ireo zokiolona tamin'ny fokontany hafa teny Talatamaty koa izy ireo. Asa sosialy efa fanaon'ny Collectif Diaspora ny fizarana zavatra ho an'ny zokiolona, sy ny sahirana ara-pivelomana toy izao, isaky ny andro fety samihafa.

***Helisoa***



*Ny solontenan'ny Collectif Diaspora, nanolotra fanampiana ho an'ny zolikolona teny Talatatamaty Ambohidratrimo.*

Fikambanana Soa Miahy

# Nanolotra kilalao ho an'ireo ankizy sahirana ao Ambohimanandray

Noho ny fahatongavan'ny fetin'ny Noely na ny Krismasy dia tsy nanadino ireo ankizy sahirana arapivelomana, monina ao Ambohimandray Ambohimanarina Boriborintany faha- 6, ny fikambanana Soa Miahy tarihan'i Martial Tovonirina. Marihina fa fikambanana mpanao asa soa ity farany , ka na vao haingana aza no niforonany dia efa maro ny asa soa nataon'izy ireo : toy ny fijerena sy fanampiana ireo mponina teny La Reunion Kely . « Tsy hijanona amin'izao fotsiny eto amin'ny boriborintany faha-6 ny asa soa ataon' ny fikambanana Soa Miahy , fa hisandrahaka manerana an'i Madagasikara, » hoy ny tompon'andraikitra ao amin'ity fikambanana ity.




*Ireo anisan'ny mpitarika ny fikambanana Soa Miahy.*

***Helisoa***

Ireo depioten'Antsirabe II

# Nanome fitaovana samy hafa ho an'ireo kaominina miisa 20



*Ny depiote José, iray amin'ireo solombavambahoakan' Antsirabe II.*

Nanome fitaovana samy hafa ho an'ireo kaominina miisa 20 ao amin'ny distrikan'Antsirabe II faritra Vakinankaratra, ireo depiote mirahalahy voafidy tany amin'ity distrika ity dia ny depiote José Randrianantenaina sy ny depiote Alfred. Moto, ordinatera, Matériaux de construction na fitaovana fanaovantrano toy ny simenitra, vy, fanitsoa no natolotr'izy ireo tamin'izany, ho an 'ireo kaominina 20 ao amin'ny distrikan'Antsirabe II tamin'ny alalan ' ny volan'ny CIAD (Crédit d'Investissment et Appui au Développement). Anisan'ny nahazo moto ihany koa ny Zandary ao Antanambao , ny delegen'ny mponina, ary ny delege misahana ny serasera ao amin'ity distrika ity.

***Stefa***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Lainga raofina nataon-dRajoelina

# Tsy tonga akory ireo bus raitra miisa 1000 voalaza




**Justine Raharintsoa:** mipoitra hatrany ny lainga raofina ataon-dRajoelina. Tsy tonga akory hatramin'izao ireo bus raitra miisa 1000 nampanantenainy mialohan'ny faran'ny taona.

**Irmah Caella :** oviana no tonga ireo bus 1000 nafaran'ny mpitondra? Miandry fatratra ny vahoaka voky lainga.

**Birman Birman :** Ny fifanarahana @ coopérative hampiasa azy no sakana mbola tsy anafarana azy.

**Robert Randriamaro :** nareo koa dia misahirana amin'ny zavatra tsisy!

**Sedera Tendrintsoa :** ny lainga rehefa itompoanteny fantratra dia lasa ohatrany marina kkkk. Raha tsy vao io ihany r'ingahy no lainga nataon'i Rainilainganareo iny ka hahataitra ny olona. Ny sanana ihany no mbola manamarina fa tsy mpandainga ny olona iray isolelafana. Kkkk mialatsiny. Lelafo tsara leroa a!

**Eddy Rak :** efa hoe Rainilainga koa, mampahantra manabado vahoaka.

**Tita Rakrisy :** tsy mbola voky ka! Mbola mitanatana vava miandry ny manaraka e!

**Fla Rajaonarison :** tsy niteny an zany aho tompokolahy sy tompokovavy!

**Hantanirina Razanadrasoa :** efa nizara kilalao ho an'ny zanak'olona sahirana izy mianakavy ka. Bye bye bus be.

**Ramana Mami :** io efa tonga io fa nareo no tsy mijery' ny ambiny 999 mbola eny Iavoloha, mba mijereva tsara moa, Faly ny hanakiana fotsiny ianareo.

**Oly Rousseline Arynivo :** voky manga nareo zany.

**Augustin Hanirisoa :** izy ary efa hainao fa voky lainga zany ko.

**Don Franco Salsa :** ka efa hoe mandinika na tsy maintsy bus norme Euro 1 na 2 ve satria tsy mety am Madagasikara ny bus aux normes Euro6 efa mandroso b. Donc bus efa talohaloha zany no andrasana.

**Johnny Andimaharo :** ary lay 400 MW zao mba aiza?

**Charline Nomena:** maro raha vandin'ny President rajoelina ty, vandy raiky amin'ny maro resaka bus be io.

**Claude Rasolo:** efa tandra vadin-koditra amin'ny filoha Rajoelina ilay lainga ataony.


PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Fitahiana R.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Noho ny fahatongavany fetin'ny Krismasy, nanolotra fanomezana : kilalao ho an' ireo ankizy sahirana, tao Ambohimanandray Boriborintany faha-6, ny Association Soa Miahy, tarihan'i Martial Tovonirina.**









**Vary milanja 7 t, no natolotry ny COMTIM Alasora Antananarivo Avaradrano, ny mpkikatroka TIM ao amin'ny kaominina, ny sabotsy teo, noho ny fetin'ny Noely.**










## NY TENY FIAINANA

*"Tezera, fa aza manota; mieritrereta eo am-pandrianareo, ka mangina. »*
***Salamo 4:4***

CHAN ALGERIE 2023

# Fantaro ireo mpilalao miisa 26 ny Barea Chan

Navoakan'ny mpanazatra Rakondrabe Romuald (Rôrô) mpitarika ny Barea Chan tamin'ny sabotsy 24 desambra 2022 teo, ny anaran'ireo mpilalao raikitra miisa 26 handrafitra ny Barea Chan, handray anjara amin'ny fifaninanana Chan Algérie 2023. Marihana fa mbola handalo anyTunisie hiatrika ny fampivondronana indray ity Barea Chan ity, ka handranto lalao vitsivitsy any an-toerana, mialohan'ny handehanan-dry zareo any Algérie. Ireto avy ireo mpilalao raikitra ireo : Mpiandry harato : Rakotosimbola Zakanirina (Elgeco Plus), Andriamalala Andoniaina (Disicples Fc), Rajomazandry Andrianirina (As Fanalamanga). Vodilaharana : Randriamanampisoa E Tony (Elgeco Plus), Randrianisondrotra L Stéphano (Dato Fc), Razafindraibearimihanta S. Rajo (Jet Kintana), Rakotonirina Jean Martin (Elgeco Plus), Rakotondrazaka Ano (Disciples Fc), Randrianiaina Tantely (Disciples Fc), Rabarijaona Tantely Avotriniaina (Cffa), Soloniaina Avizara (Fosa Juniors), Andrininosy Rado M. Naherina (Fosa Juniors). Irakiraka : Randrianarisaona Teny Manovo (Disciples Fc), Arohasi Andriamirado Dax (Fosa Juniors), Randriatsiferana Toky Olivier (Fosa Juniors), Hasinirina Onjaniaina Patrick (Elgeco Plus), Rakotoarisoa Solonjatovo J.A (Elgeco Plus), Rakotoarisoa Tiavina Mickael (Fosa Juniors), Rafanomezantsoa Lalaina (Cffa), Rakotonirina Jean François (As Fanalamanga), Andriamanjato Rojolalaina (Ajesaia). Lohaharana : Rakotobe Arimalala Feldman (Uscafoot), Razanakoto Tsilavina (Fosa Juniors), Razafindratokto Jean Yves (Fosa Juniors), Razafindranaivo S. Koloina (Cffa), Ravelomanantsoa Marcio Carlos (Cffa).

***Rainilita***



*Barea Chan desambra 2022.*

Basikety Malagasy

# Hiatrika "Mondial basket-ball" roa amin'ny 2023

Fiadiana ny ho tompondaka eran-tany roa be izao, no indray hatrehan'ny taranja basikety Malagasy amin'io taona 2023 ho avy io. Any Hongria ny U19 zatovolahy, no hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany amin'io sokajy io amin'ny 24 jona ka hatramin'ny 2 jolay 2023 ho avy izao. Any Autriche kosa ireo mpilalao basikety 3×3 lehilahy Malagasy, no hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany amin'ny baskety 3x3.

***Rainilita***




*Basket-ball Malagasy.*

Ekipan'ny Hbf St Denis La Réunion

# Nandrombaka ny amboara Trophée de la Réunion handball 2022



*Ny ekipan'ny Hbf vehivavy any St Denis de La Réunion.*

Norombahan'ny ekipan'ny Hbf St Denis de La Réunion, misy an'ireo teratany Malagasy anankiroa mpikambana ao amin'ny Akio Dames, Mardaye Sandrine sy Randrianasolo Anne Gaelle, ny amboara «Trophée de la Réunion 2022 » teo amin'ny taranja Handball vehivavy, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo. Tao antanànan'i Tampon, no nanatanterahana an'ireo lalao famaranana lahy sy vavy teo amin'ity fifaninanana ity, izay nokarakarain'ny « Ligue Réunionaise de Handball », tarihan'ny filohany, Philippe Alexandrino, ka nivoahan'ny HBF ST Denis ho mpandresy 25-22, nanoloana ny ekipan'ny Tamponnaise HBF vehivavy ary ny ekipan'ny ASHB Tamponnais 27-24, nanoloana ny ekipan'ny Saint-Pierre HBC, teo amin'ny sokajy lehilahy .

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Rona ovy sy patsa mena ary henomby indray, laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hatao bebe rony izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny menaka oliva

Ny soa azo avy amin'ny menaka oliva indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ho an'izay marary lohalika , soroka, hatoka , lamosina, menaka oliva ampiasaina , tokony hajanona ny fampiasana ny menaka tournesol na tanamasoandro, soja , katsaka, ary ny mena-boanjo.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ampasimbe Manantsatrana, distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ampasimbe Manantsatrana, distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinoa androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimbe Manantsatrana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Any atsimo atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria akaiky ranomasina, 26 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly sy mpiompy ny mponina any, misy koa ireo mpanjono. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny letchi. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 (RN5) ity tanàna ity.



FIVAPOVA SY NY FETIN'NY NOELY

# Tsy nanadino ireo zanaka sy vadina polisy maty am-perin'asa

Tsy nanadino ireo zanaka sy vadina polisy maty am-perin'asa ny FIVAPOVA tamin' ny fankalazana ny fetin'ny Noely, n any Krismasy teo, fa nanome fanomezana ho azy ireo . Mbola maro ireo zanaka Polisy kamboty tsy tafiditra eny amin'ny akany, saingy tsy nohadinoin'ny fianakaviam-ben'ny Polisim-pirenena izy ireo, fa notolorana fanomezana: vary, akoho sy sakafo isan-karazany ary kilalao, nentina niatrika ny fety. Ny Talem-paritry ny Filaminam-bahoaka sy ny FIVAPOVA (Fikambanan'ny Vadina Polisy sy Polisy Vavy), no angady nananana ireto fanampiana



*Ny fanolorana fanomezana ireo zanaka polisy, sy vadina polisy maty tam-perinasa.*

ireto nanomezana fifaliana ireo fianakaviana Polisy maty am-perin'asa. Tonga teny an-toerana nizara ny fanomezana ny Minisitry ny filaminam-bahoaka mivady CGP Randrianarison Fanomezantsoa, niaraka tamin'ireo lehibe isan-tsokajiny eto anivon'ny Polisim-pirenena.

**Stefa**

Tompondakan'i Madagasikara : Kenpo sy Mma

# Tontosa ny faran'ny herinandro teo ireo lalao famaranana

Notanterahina tetsy amin' ny kianja mitafon'i Mahamasina nanomboka tamin'ny alakamisy 22 sy ny zoma 23 desambra 2022 teo, ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara amin'ny Kenpo sy Mma Gamma "Global Association of Mixed Martial Arts" Malagasy, tantanandRakotonindriana Pafait. Mpikatroka niisa 80 avy amin'ny ligin'Itasy, Vakinankaratra, Atsinanana, Matsiatra Ambony ary Analamanga mpampiantrano, no niatrika an'izany fifaninanana izany. Ny zoma 23 desambra teo dia ady niisa 20 isa, no natrehana teo amin'ny lalao famaranana.

**Rainilita**



*Rakotonindriana Parfait.*

Tournoi Ajesaia GRAND TANA U14

# Hanrdray anjara ny Talenta School Ampahimanga Arivonimamo

Anisan'ireo ekipa handray anjara amin'ny fifaninanana baolina kitra « Tournoi Ajesaia Grand Tanà U14 », izay hanomboka amin'ny alakamisy 29 desambra 2022 izao ary hifarana amin'ny 31 desambra, 2022 ireo ankizy avy amin'ny Talenta School Ampahimanga Arivonimamo, hiaraka amin' ny ekipan'ny Rmd Anosizato, sy ny Andrady Fc ary ny Ajesaia Itaosy. Amin'ny alakamisy 29 sy zoma 30 desambra 2022 no hanaovana an'ireo fifanintsanam-bondrona. Amin'ny sabotsy 31 desambra 2022 kosa, no hanatanterahana an'ireo lalao ankatoky ny famaranana sy ny lalao famaranana eny amin'ny kianja Antanikatsaka Itaosy. Ankoatra ny fifaninanana, dia hisy ny fitsidihana ny valanjavaboary Tsimbazaza, sy ny lalao ara-pirahalahina hatao amin'ny andron'ny 28 desambra. 2022.

**Rainilita**



*Tournoi Ajesai Grand Tanà U14.*

Judo Malagasy

# Hiatrika fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022



*Judokas Malagasy.*

Hiatrika ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 ny taranja judo Malagasy sokajy « minimes », « Cadets », « Juniors » ary « séniors » rahampitso alarobia 28 desambra sy amin'ny alakamisy 29 desambra 2022, etsy amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano Antananarivo. Hanana solontena amin'izany avokoa ireo ligy 7 mandrafitra an'ity taranja ity, amin'ireo roa andro ireo, mba hoentina mamarana am-boninahitra ny taompilalao-vana 2022, ka hiatrehana am-pitoniana ny fetin'ny faran'ny taona ho avy sy ny fitsenana ny taom-baovao 2023 ho avy.


**Rainilita**

Mompera Zezoita

# Nahazo lehibe Provensialy vaovao

Nahazo lehibe Provensialy vaovao ny fikambanan'i Jesoa eto Madagasikara, na ny fikambanan'ny Mompera Zezoita, ho an'ny fiangonana katolika eto Madagasikara. Mompera Solofonirina Jocelyn Rabeson no voatendry ho Lehibe Provensialy vaovaon'ny Fikambanan'i Jesoa eto Madagasikara. Nialoha izao fanendrena azy izao dia Rektoran'ny Institut de Théologie de la Compagnie de Jésus any Abidjan - Côte d'Ivoire izy, nanomboka ny taona 2018. Niditra tao amin'ny Fikambanan'i Jesoa ny taona 1987 ; nohamasinina Pretra teto Antananarivo ny taona 1998. Nanonona ny voady farany ny taona 2011. Maro ireo sekoly nandratoany fianarana : Hekima College tao Nairobi Kenya (Theologie). Weston Jesuit School of Theology, Cambridge USA. Georgetown USA (Archivistiques). Manana ny mari-pahaizana PhD amin'ny Ecclesiologie izy.

**Niaina**



*Mompera Solofonirina Jocelyn Rabeson.*

Fety ho avy

# Fihenam-bidy goavambe ao amin'ny Baolai

Ho fiatrehana ny fety maro izay ho avy tsy ho ela, dia efa vonona hiatrika izany ny eto amintsika. Anisan' izany ny Tranombarotra Baolai etsy Soarano sy Analakely ary ao Bazar be Toamasina, izay masoivoho ofisialy ny marika « Hisense » ( Sponsor Mondial 2022) eto Madagasikara efa ho 12 taona lasa izao. « Ato aminay dia misy fihenambidy samihafa amin' ireo fahitalavitra sasany marika Jeyoo. Ary ho an' ny « Hisense » dia misy « remise » goavana eo anelanelan'ny 18% hatramin'ny 33% amin'ireo Laser Tv 4K de 100" sy Smart Tv ary télé Led misy manomboka 32" hatramin ny 85" (misy antoka 1 taona) », hoy ny tompon' andraikitra. Tsy tambo isaina ny entana azo atao fanomezana amin' ny vanim -potoana toy izao, sy ireo maro hafa ilaina amin' ny andavanandro izay hita ao amin' izy ireo, toy ny climatiseur isankarazany, panneaux solaires mono sy polychristalline, réfrigérateur ( izay mitazona ny hatsiaka 135 ora ao aorinan'ny delestazy), table de mixage, mini radio baffle bluetooth solaire, machine à laver, brushing, machine à café à capsule, Smartphone, table de mixage, , synthétiseur. Ny antsipirian'izany rehetra izany dia ho azo amin' ny « site web » sy pejy fb : baolai ary ao amin'ny laharana 0202260588 - 0202230848 - 0333718888 ( amin'ny ora fiasana). Ny tolotra hataon'ny Tranombarotra Baolai toy izao dia ilaina tokoa, ho fanomezana fahafahampo ny filan'ny vahoaka malagasy.

**Aly**




*Entana maro samy hafa, hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 24/12/2022 hatramin'ny 31/12/2022**

- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1383-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

HO HENJANA NY TAONA HO AVY IO

# Manonga manonga hatrany ny vidim-piainana



*Anisan'ny manonga, ny vidin-javatra ilain'ny mponina andavanandro.*

Amin'izao fiafaran'ny taona izao dia manonga ny vidim-piainana eto amintsika, mbola hanonga hanonga hatrany izany amin'ny taona ho avy 2023 hitsidika io. Tsy maintsy hitranga manomboka ny volana janoary ho avy io ny hiakaran' ny vidim-piainana. Aoka koa tsy ho adino fa tao anatin'ny LFI: lalànan'ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy, izay mbola nahitsin'ny loholona farany teo, fa nakarina 15% ny vidin'ny solika, ny Jirama moa dia iny efa nandrangaranga ny hoe hampakatra ny vidin- jiro 15% isan-taona iny ihany koa. Ankoatr'ireo, tsy azo ihodivirana ny vokatra ilain' ny mponina andavanandro. Ny vary izao eny antsena dia efa mananika ny 3000 Ar ny kg ny makalioka eny amin'ny tsena lehibe eto an-drenivohitra. Fefiky ny fahasahiranana tanteraka ny Malagasy. Hatreto dia tsy misy ny hetsika mba hataon' izao fitondrana izao, fa dia ny fandrebirebena amin'ny ireo jiro maro loko, sy ny famonoana afo etsy sy eroa, no hany mba hitany atao. Lasa atao fitaovana eo am-pelatanan'ny antokon'ny fitondrana ireo sakafo sy kojakoja ilain'ny mponina andavanandro, nefa dia ny volam panjakana no nividianana ireny, mba ho haratonaina ho an'ny vahoaka. Hodiantsy hita ihany koa ve ny fijotsoan'ny sadambola dia ny Ariary izany, anaty haizina tanteraka ny toekarena, ka manindry hatrany mba samy hitsinjo ny ho avy hatrany, fa ho mafy sy ho henjana ny taona vaovao ho avy io.

**Ny Valosoa**

Ivato sy Talatamaty

# Nanome fanampiana ho an'ny sahirana ny Ravinala Airports

Noho ny fetin'ny Krismasy na ny Noely, sy ny fetin'ny faran'ny taona iandrasana ny taona vaovao izao, nanome fanampiana ho an'ireo fianakaviana sahirana ny Ravinala Airports sy ny kaominina Ivato ary ny kaominina Talatamaty ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Fiaraha-miasan'ny kaominina izay tarihan'ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, ny kaominina Talatamaty tarihan'ny ben'ny tanàna Raharinoasy Elie Dominique, sy ny orinasa Ravinala Airports izay, nisy ny fizarana fanampiana ho an'ireo fianakaviana sahirana eny anivon'ny fokontany ao amin'ireo kaominina ireo ny faran'ny herinandro teo. Sakafo entina ihatrehana ny fety, no natolotra mba hahafahan'izy ireo mihanoka ny fety. Olona an-jatony no nahazo izany fanampiana izany.


**Aly**



*Ny fanolorana fanampiana ho an'ny fianakaviana sahirana teny Ivato.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 416




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0415)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Manakory | TD | - Matinay | - Ka – Aoka |
| - Atakalo | - Taolan(a) | - Vata (miv) | - Oly – Len(a) |
| - Ta | - Roa (miv) – Kere | - Na – Otra | - Ro – Tara |
| - Arovy (miv) – | - Tanàna (miv) | - Akora | - Tenda (miv) |

## TENY MIFANAPAKA N° 416




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra fanjakana – Maharitra **2.** Fiantsoana anareo **3.** Ao amin'ny fiara – Karazana fanekena **4.** Avo toerana **5.** Tovona – Tsara sy meva **6.** Faran-teny (miv) – Gaga sy talanjona **7.** Aro moka – Natao mitovy **8.** Tsenabe **9.** Toerana fivarotan-toaka – Mpisolo tena **10.** Notanterahana – Ao amin'ny vava (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mpanafika tanàna **B.** Tsofoka fanitarana – Bibikely – Oroka **D.** Firakofana – Fototenin'ny Mampitafy (miv) **E.** Sakafo (miv) – Lera **F.** Malaky **G.** Milaza fananana – Randrana **H.** Mari-bola – Aretina **I.** Naoty (miv) – Mamba – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Tofoka – Zaza madinika, zanaka **K.** Teny Mandràra – Litera mitovy – Mpanoritra (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0415

**Mitsivalana**

**1.** Fikarohana **2.** Ary - Valiny **3.** Nirary - Fa (miv) **4.** Angano (miv) - Nao **5.** Maro - Liana **6.** Paiso (miv) - No (miv) **7.** Ny - Inri **8.** Kintana (miv) - To (miv) **9.** Nandà - IV **10.** Aty - Maimbo (miv)

**Mitsangana**

**A** Fanomanana **B.** (P)irina - Tany (miv) **D.** Kiraro - Any **E.** Soga (miv) - ID **F.** RN - Ianao **G.** Oviala **H.** Ha - Mikipy (miv) **I.** Alàna - Vy **J.** Nifanoro **K.** Ao - Matinao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny filoha Marc Ravalomanana mianakavy, nanatrika ny fetin'ny Krismasy tao amin'ny FJKM Imerinkasinina Fanasina, Antananarivo Avaradrano, ny alahady teo.









Fokontany Faralaza sy Ambohitravao ao amin'ny kaominina Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo indray, no nanohizan'ny Collectif Diaspora, ny fanomezana vary , mofo, biscuit, ho an'ireo zokiolona sy ankizy teny an-toerana, noho ny fetin'ny Noely.





Ny avy amin'ny fikambanana Erikerika Madagasikara, nanolotra fanampiana ho an'ny mpampianatra, sy ny ray aman-drenin'ny mpianatra, tao amin'ny EPP Ambohitravoko Manjakandriana.



